22 Aprily 2010

Ho amin'ny lalàna sy ny Teny Vavolombelona !

« Ho amin'ny lalàna sy ny Teny Vavolombelona ihany, raha tsy miteny araka izany teny izany izy dia tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina ao aminy » (Isaia 8 : 20)

« Ary Paoly sy Silasy dia nampandehanin'ny rahalahy niaraka tamin'izay nony alina hankany Beria; koa raha tonga tany izy, dia niditra tao amin'ny synagogan'ny Jiosy. Ary ny teo-panahin'ireo dia tsara noho ny tao Tesalonika; satria nandray ny teny tamin'ny zotom-po indrindra ireo ka nandinika ny Soratra Masina isan-andro, na marina izany, na tsia. » (Asan'ny Apostoly 17:10,11)

« Fantatr'i Satàna marimarina fa ireo izay azony taritina hanao tsirambina ny vavaka sy ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra dia tsy hahasedra ny fanafihany. Noho izany dia mamorona izao karazana fialamboly marobe izao izy. Misy mandrakariva olona izay na dia mitory ny fitiavambavaka aza dia tsy manao antondraharaha afatsy ny manakiana ny toetra sy ny finoan'ireo izay tsy mitovy hevitra aminy. Ireo mpanakiana ny rahalahy ireo no tena mpiray petsapetsa akaiky an'i Satàna.Marobe izireo ka raha eo amperinasa Andriamanitra dia vao maika miseho indrindra ny asany. Lazainy fa diso làlana na mpamitaka ireo mpanompon'Andriamanitra mafana fo sy tsy mitady tombony. Ataony antondraharaha ny manaratsy ny fikasàna ambony tsy miolakolaka, sy ny manaparitaka hevipetsy ary mampiditra ahiahy ao @ ireo fanahy tso-po. Mampiasa ny fomba rehetra izireo hampisehoana fa diso sy manimba izay tsara sy mendrika.

« Ny fanazavàna manjavozavo sy hafahafa ny Teny voasoratra sy ireo tolokevitra maro mifanipaka izay manjaka eo @ tontolo kristianina ka manakorontan-tsaina dia asan'ilay fahavalontsika lehibe » .Ny adilahy sy ny fizarazarana izay mampisaraka ny fiangonana kristianina @ ankapobeny dia vokatry ny fahazarandratsy mamolaka ny Teny voasoratra mba hahitàna ao antony ilaina mba hanamarinana fotokevitra tiana indrindra. Toy izay hianatra ampahamalinana sy hampanetretena ny Tenin'Andriamanitra mba hitady ny fahalalàna ny sitrapon'ny Mpanoratra azy dia marobe ny olona mitady zavatra hafahafa na tsy fahita firy ao. Mba hanohanana fotopinoana diso na fomba amampanao tsy kristianina dia mandray tsonganteny ao @ Teny voasoratra izireo izay tsy mifanaraka @ tontolo nanoratana izany akory ka maka antsasaka andininy ohatra anefa ny tohiny dia manambara hevitra hafa mihitsy. Maka tahaka ny fitaky ny bibilava izay miafina ao ambadiky ny fahaizamandahatra izireo ka mampiseho marimarina ny fironany aranofo. Marobe araka izany ny manodinkodina antsitsapo ny Tenin'Andriamanitra. Ny hafa izay mahay mampiasa ny fakàny sary antsaina dia misintona ny tontolontsary ao @ Baiboly ka manome fanazavàna izany araka ny hevitry ny tenany manokana ary tsy mieritreritra akory fa ny Soratra Masina ihany anie no manazava azy é, ary @ izany dia ny nofinofiny no hampianarany ny Tenin'Andriamanitra.

«Ny Soratra Masina dia natao hitarika na iza na iza maniry hahafantatra ny sitrapon'ny Mpamorona azy. Andriamanitra no nanome ny olona ilay « soratra mahatokin'ny mpaminany »; Tonga tety antany mihitsy ny anjely sy Jesosy Kristy mba hampafantatra an'i Daniela sy Jaona « ireo zavatra izay ho avy tsy hoela ». Ny fanontaniana ngezabe momba ny famonjena antsika dia tsy navela hanjavozavo na hovoafono zavamiafina. Tsy naseho izany hampieritreritra lalina na handiso lalana ireo izay mitady mafy ny fahamarinana. Hoy ny Tompo t@ Habakoka mpaminany: « Soraty ny fahitàna,ka ataovy velona tsara ny soratra eo @ fàfana mba ho azon'izay mihazakazaka vakìna aza » (Habakoka 2.2) . Mazàva ny Tenin'Andriamanitra ho an'izay mianatra izany @ fanahimbavaka. Ireo fanahy tia fahitsiana dia hahatratra ny fahalalàna ny marina. «Hafafy @ olo-marina ny fahazavàna, » (Salamo 97.11) Tsy misy fiangonana mandroso ho @ fahamasinana mihitsy raha tsy mikatsaka ny fahamarinana tahaka ny fikatsahana harembevava miafina ny mpikambana ao aminy.

Ellen G. White (Ilay Hery Mifanandrina)



http://schwintner.chez-alice.fr/